# MOFONAINA 04 OKTOBRA 2024 – MATIO 9:9-17

Mofonaina 04 Oktobra 2024 – Matio 9:9-17

---

## 1. NY BOKY

**11- Fandraisan'anjaran'ny tsirairay**:
Toko faha-28, nosoratana tamin'ny taona 70-75 AD, Matio no mpanoratra. Ireo andininy tadidinao ao amin'ity boky ity.

**12- Fanampiny**
121. Toy ny Filazantsara rehetra, dia milaza ny fiainan'i Jesoa Kristy teto an-tany ny boky: ny fahaterahany, ny fahafatesany, ary ny fitsanganany tamin'ny maty.
122. Nosoratana indrindra ho an'ny Jiosy ity Filazantsara ity, ary manamarika izany ny fahitana andinin-tSoratra Masina avy ao amin'ny Testamenta Taloha ho fanamafisana ny filazana ataony. (Matio 1:23 // Isaia 7:14 ; Matio 2:6 // Mika 5:1 ; Matio 2:15 // Hosea 11:1 ; Matio 2:17-18 // Jeremia 31:15 ; Matio 4 ; Matio 27:9-10 // Zakaria 11:13)
123. Misongadina ato ny fampianarana mikasika ny Fanjakan'ny Lanitra (Andriamanitra).
124. Ny fitantarana ny tetiaran'i Jesoa dia voarindra tsara araka ny fehiny ao amin'ny Matio 1:17 (Taranaka 14 * 3).
125. Ny Filazantsara araka an'i Matio dia mampivoitra fa ny finoana dia tsy maintsy aseho amin'ny asa, toy ny famelan-keloka, ny fitiavana, na ny fanompoana.

**13- Drafitry ny boky**
Raha ampitahaina amin'ny Filazantsara hafa, dia toa miantsoro mianoatra ny fitantarana ato amin'ny Matio. Ohatra: Ny fiantsoana ny Apostoly ankoatry ny Matio (Matio 4:18-22 sy

Matio 9:9) dia tsy miseho manontolo raha tsy ao amin’ny toko faha-10, sady fitanisana tsotra.

Misongadina ireto fizarana ireto:
131. Ny fahaterahana sy fiomanana amin’ny asa (toko 1-4)
132. Ny toreiteny (toko 5-7)
133. Ny Mpianatra (toko 8-10)
134. Ny Fanjakan’ny Lanitra (toko 11-13)
135. Fampianarana sy fahagagana (toko 14-20)
136. Ny fijaliany sy ny fandreseny (toko 21-28)

---

## 2. FAMARITANA NY TEKSTA SY RAKI-BOLANA

**21- Famaritana**
(Fehezinao araka ny zavatra nianarana)

**22- RAKI-BOLANA**
221. **Famindrampo** (“Eleos”): Ampiasaina eo amin’ny fifandraisan’Andriamanitra sy ny olona, ary eo amin’ny olona samy olona koa.
222. **Siny** (“Askos”): Milaza siny hoditra fitondrana fisotro fa tsy fitoeran-drano ao an-trano, izay maneho ny fiainana manontolo.

---

## 3. IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN’NY TEKSTA

31. Ny fiantsoana no fanombohan’ny fihavaozana.
32. Mariky ny famelana ny fiaraha-misakafo.
33. Tsy anavahana na iza na iza ny famonjena.
34. Tsy azo atao mifanindry ny fiainana taloha sy ny fiainam-baovao.
35. Tsy tonga hanameloka i Jesoa fa hamela heloka.

# 4. FAMPIHARANA

41. **Aoka** hiaino sy hamaly ny antson'ny Tompo mandrakariva isika raha te hihavao. Fadio ny hoe mbola tsy vonona aho na hoe tsy hanao aho.
42. **Aoka** hataontsika ho zava-dehibe ny fiombonan-databatra amin'ny Tompo sy amin'ny hafa.
43. **Aoka** tsy hisalasala isika hanatona an'i Jesoa mba ho vonjena. Aza manilika ny tenanao na ny hafa.
44. **Aoka** tsy atambatra amin'ny fombafomba nifandovana ny Filazantsara sy ny fiainam-baovao.
45. **Aoka** ampahafantarina amin'ny rehetra fa tsy biby fampitahorana ny Tompo, fa tena sakaiza feno fitiavana. (Tsy Jesoa mpibedy fotsiny izy, fa Mpamela heloka koa.)